# Ilay Voa Tsara Nafafy 21 Novambra 2018

# 21 Alarobia novambra

**Namaly Jesosy ka nanao hoe : Midera Anao Aho, Raiko, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa nafeninao tamin'ny hendry sy ny manan-tsaina izany zavatra izany ka nasehonao tamin'ny zaza madinika. Eny, Raiko ; fa izany no sitraponao.** Matio 11. 25, 26

## Tany amin'ny sisintanin'i Tibet

Bill sy Jenny Morris, mpivady tanora misionera amerikana, dia nisafidy toerana iasana tena sarotra, tsy sahin'olona naleha loatra, dia ny sisintanin'i Tibet. Milona tanteraka ao anatin'ny fanompoan-tsampy ny mponina, ka toa tsy hahakasika azy na oviana na oviana ny hafatry ny finoana kristiana.

Hoy i Bill, mitantara ny zavatra niainany : „Nandritra ny fito taona izahay no nitory ny Filazantsara, kanefa tsy nahita vokatra tamin'ny asanay, na dia kely akory aza. Nianatra mafy izahay mba hahaizanay ny fitenin'ny mponina, ary nampiasa ny fomba rehetra mba hampisehoanay fa tianay izy ireo, saingy tsy nety natoky anay mihitsy izy ireo, na kely aza. Tamin'ny taona fahafito anefa dia nisy zavatra nitranga : teraka ny zanakay voalohany, vavy kely.

Rehefa nanomboka nandady i Grâce kelinay, dia nandinika azy ny olona teo an-tanàna sady nitsiky. Ary rehefa nianatra niteny izy, dia nahay niteny tsara tamin'ny fitenin'ny mponina, toy ireo ankizy zana-tany. Indray andro dia renay izy namerina tamin'ireo namany kely, ireo andinin-tSoratra Masina sy hira nampianarinay azy.

Toy ny fahagagana izany. Efa saika very fanantenana izahay, hoe tsy hahita fo misokatra amin'ny fitiavan'Andriamanitra, nefa dia vavolombelona mamirapiratra ny teny naloaky ny vavan'ny zanakay vavy kely. Nampiasain'Andriamanitra io zaza io, mba hampisy ny olona voalohany niova fo. Ankehitriny dia kristiana tanora valo no miara-mamaky ny Filazantsara ary miomana hitory izany amin'ny manodidina azy."